



## **FIARAHA-MIVAVAKA ALAROBIA 03 SEPTAMBRA 2020**

Mitarika : Théodore RANDRIAMANANTENA .

### ***Ny lohahevitra:***

***Ho an'ny rehetra ny famonjena (Mat 15.21-28).***

Amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka any ny Fanahy Masina. Amen.

Hira : 271/1

**Vavaka.**

Vakiteny : Mat 15.21 - 24

***Tsy voatery hamaly avy hatrany ny vavaka ataontsika Andriamanitra.***

*21 : Dia niala teo Jesosy ka nankany amin'ny fari-tanin'i Tyro sy Sidona. 22 Ary, indro, nisy vehivavy Kananita anankiray nivoaka avy tamin'izany tany izany ka niantso nanao hoe: Mamindrà fo amiko, Tompoko, Zanak'i Davida ô! ny zanako-vavy ampahorin'ny demonia loatra. 23 Fa lzy tsy namaly teny azy. Dia nanatona ny mpianany ka nangataka taminy nanao hoe: Roahy izy, fa miantso mafy ato aoriantika. 24 Ary lzy namaly ka nanao hoe: Tsy nirahina Aho afa-tsy ho amin'ny ondry very amin'ny taranak'Isiraely.*

***Fanazavana fohy :***

Hira 271/2 "rehefa tonga koa ny atoandro"

**VAVAKA : Fiainan'ny mino ny vavaka.**

**25-27 : Tsy kivy mangataka na mivavaka na inona na inona mety ho sakana.**

*25 Fa nanatona ihany ravehivavy, dia niankohoka teo anatrehany ka nanao hoe: Tompoko ô, vonjeo aho.*

*26 Fa lzy namaly ka nanao hoe: Tsy mety raha maka ny mofon-jaza ka manipy azy ho an'ny amboakely.*

27 *Fa hoy ravehivavy: Marina izany, Tompoko; fa na dia ny amboakely aza mba mihinana izay sombintsombiny latsaka avy amin'ny latabatry ny tompony ihany.*

**Fanazavana fohy :**

*Rom 12:12 Mifalia amin'ny fanantenana; miareta amin'ny fahoriana; mahareta amin'ny fivavahana.*

*Kolo 4:2 Mahareta amin'ny fivavahana, ka miambena amin'izany amin'ny fisaorana,*

**Vavaka : amin'izao valan'aretina manenika ny tany izao.**

**And. 28 : JESOSY MAMALY VAVAKA**

28 *Dia namaly Jesosy ka nanao taminy hoe: Ravehivavy, lehibe ny finoanao; tongava amina araka izay irinao. Dia sitrana ny zanani-vavy tamin'izay ora izay.*

*Jakoba 5:14 : Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampaka ny loholon'ny fiangonana; ary aoka hanosotra diloilo azy amin'ny anaran'ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy;*

*Jak 5:17 Elia dia olona tahaka antsika ihany, ary izy nahery nivavaka mba tsy hilatsahan'ny ranonorana, dia tsy nilatsaka tamin'ny tany ny ranonorana telo taona sy enim-bolana.*

*Jak 5:18 Ary nivavaka indray izy, dia nandatsaka ranonorana ny lanitra, ka nahavokatra ny tany.*

**Fanazavana fohy.**

Hira 734/1,2,3 “ Zanahary ô tahio”

**Vavaka ho an'ny rehetra :**

- Firenena Malagasy sy Lafrantsa ary izao tontolo izao.
- FPMA sy ny Fiangonana Kristiana manerana izao tontolo izao.

**TSODRANO .**

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amen.